REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

TOROLALANA TEKINIKA
HO AN'NY FAMPIJOROANA
SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH

Antananarivo, Aogositra 2012

MEN

DIORANO WASH
WATER SANITATION HYGIENE
www.wsscc.org

TENY FANOLORANA

Ny sekoly, izay toerana andrantoam-pahaizana sy ifampizaràna, no sehatra mahomby indrindra ho an'ny fibeazana ny zanatsika. Izy no miantoka ny famolavolana izay ho olompirenena vanona rahatrizay, sy ho mpisehatra amin'ny fampandrosoana ny Firenena arapiarahamonina sy toe-karena.

Milofo mandrakariva amin'ny fikarohana izay fomba hanatrarana ny tanjona voafaritry ny Fanabeazana ho an'ny Rehetra ny Minisitera. Ny fampiroboroboana momba ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana eo anivon'ny sekoly dia anisan'ny paika iray nosafidina ho amin'izany, hetsika iray izay manampy amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana.

Ny Fahafahana mianatra amin'ny Sekoly mahatamana, noho izy manana fotodrafitrasa manara-penitra momba ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana, izay ahitana lavapiringa sy toeram-pamatsian-drano ary toeram-panasan-tanana dia mahalavorary ny fahasalaman'ny mpianatra. Manatsara hatrany ny taham-pahombiazan'izy ireo izany.

Ny hetsika Diorano-WASH, araka ny fomba fijeriny, dia mikendry indrindra ny hampijoro ny rafitra Sakaizan'ny Diorano-WASH izay hiantsoroka ny fivoizana ireo Hafatra Fototra Telo:

- fanasana tanana amin'ny savony ;
- fampiasana lavapiringa manara-penitra ;
- fitandroana ny fahadiovan'ny rano avy eny am-pantsakana mandra-pampiasa azy.

Miombon-kevitra amin'izany ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena ka miray antoka amin'ireo mpiara-mikatroka amin'ny fampijoroana ny Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH.

Izany indrindra no namolavolana ity Torolalana Tekinika ho an'ny fampijoroana Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH ity.

Ity Torolalana ity dia fitaovana fototra mirakitra ireo toromarika sy fombafomba ahazoa-misalotra ny anara-mahabe voninahitra « Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH ».

Eo anatrehan'izany izahay dia manao antso avo etoana ho an':

- ireo mpanabe sy mpikatroka eo amin'ny sehatry ny fanabeazana mba hazoto hitrandraka ity torolalana ity ;
- ireo mpiaramiombonantoka eo amin'ny lafiny tekinika sy famatsiana ara-bola mba hanolo-tànana eo amin'ny fampiroboroboana izao hetsika izao.

Farany dia isaorana etoana ireo izay nandray anjara tamin'ny fampanjariana izao Torolalana izao ary dia irarianay tokoa ny fitohizan'ny fiaraha-miasa mahomby aminareo rehetra.

Ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena

MANORO Régis

TENY FANOLORANA

Miombon-kevitra amin'ny Tanjon'ny Taonjato Arivo ho an'ny Fampandrosoana (OMD) mahakasika ny ady amin'ny fahantrana i Madagasikara ka mandray anjara amin'izany amin'ny alalan'ny fanabeazana. Izany dia miompana indrindra amin'ireto tanjona mifampiankina ireto :

Tanjona faha-2 Miantoka ny fanabeazana ho an'ny rehetra ka manome ny ankizy tsy ankanavaka ny fomba ahafahany mamita ny ambaratonga voalohany amin'ny taona 2015.

Tanjona faha-7 Miantoka tontolo iainana maharitra amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny famatsiana rano fisotro.

Ny fanatanterahana ny hetsika Diorano-WASH dia natomboka tamin'ny fomba ôfisialy ny 10 septambra 2002. Izany dia tarihin'ny vovonana ivondronan'ireo mpikatroka rehetra eo amin'ny sehatry ny Rano sy Fanadiovana ary Fidiovana (RFF) : ireo sampan-draharaha tekinika ao amin'ny Minisitera isan-tsokajiny, ireo mpiaramiombonantoka tekinika sy ara-bola miasa eto an-toerana sy avy any ivelany (ONG, fiaraha-miasa amin'ny samy firenena sy iraisam-pirenena, sehatra tsy miankina, fiarahamonim-pirenena), ireo fanapariaham-baovao. Mandray anjara tanteraka eo amin'ny tantsoroka sy ny fandrindrana ireo Minisitera mpiahy ny sehatra Rano sy Fanadiovana ary Fidiovana ny vovonan'ny Diorano-WASH, manomboka amin'ny foibe, mandalo amin'ny Faritra ary miafara eny ifotony. Mahazo tombontsoa ny mponina eo amin'ny lafiny Rano-Fanadiovana-Fidiovana noho ny fahafahan'ny vovonana mifanakalo vaovao sy traikefa ary koa fahaiza-manao.

Nanomboka ny taona 2003 dia nanamafy izany fahavononany izany i Madagasikara amin'ny alalan'ny fandaharanasa « Fanabeazana ho an'ny Rehetra ». Namolavola ny drafitrasany mifanaraka amin'izany ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena, ary nametraka ho tanjona ny fanatsarana ny fidiran'ny ankizy any an-tsekoly sy ny fampiakarana ho 94% ny tahan'ny fahavitana ny ambaratonga voalohany amin'ny taona 2015.

Ny fametrahana ireo fotodrafitrasa manara-penitra izay tokony hananan'ny sekoly dia miantoka ny fahatsaran'ny tontolo manodidina izay manampy ny mpianatra amin'ny fivelaran'ny sainy. Anisan'izany ny toeram-pamatsian-drano, lavapiringa misaraka ho an'ny ankizy lahy sy ny ankizy vavy ary toeram-panasan-tanana.

Na dia teo aza ireo sehatr'asa ara-pahasalamana dia tsy azo tsinontsinoavina ny fiantraikan'ny fanabeazana eo amin'ny fihatsaran'ny fiainan'ny mponina amin'ny ankapobeny. Manampy tosika ny fanapariahana ny fanabeazana eo amin'ny fiarahamonina ny fomba fijery nentina nampita ny fanabeazana teo anivon'ny sekoly toy ny fomba fijery « Ankizy ho an'ny Ankizy » sy « Ankizy ho an'ny Fiarahamonina ».

Mahatsapa ny Minisitera misahana ny Fanabeazana fa ny fahatrarana ireo tanjona ireo dia mitaky ny fampandraisana anjaran'ny vondron'ny mpianatra sy mpanabe sy ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) amin'ny ankapobeny.

Ilaina ny fampivondronana sy fandrindrana ny fandraisana anjaran'ny mpiaramiombonantoka mba hahazoana vokatra tsaratsara kokoa.

«Ny fahasalamana no voalohan-karena»

Lasa vaindohan-draharahan'ny rehetra sy ny Governemanta ny olana momba ny fahalotoan'ny tontolo iainana sy ny tsy fahampian'ny fotodrafitrasa mifandraika amin'ny fahasalamana ho an'ny taom-pianarana 2009/2010 :

- 79,76% n'ny sekoly ambaratonga voalohany dia tsy manana famatsian-drano;
- 41,69%n'ny sekoly eran'i Madagasikara no tsy manana lavapiringa ary 31,38% amin'ireo fotodrafitrasa misy ihany no manara-penitra.

3,5 tapitrisa isan-taona ny andro ianarana very ho an'ny mpianatra rehetra eto amin'ny firenena noho ny aretim-pivalanana sy ny tsy fahampian'ny fotodrafitrasa eo amin'ny Rano sy Fanadiovana ary Fidiovana.

Misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fahombiazan'ny rafi-panabeazana Malagasy izany satria :

- ankizy 20 amin'ny 100 no namerin-taona ny taom-pianarana 2009/2010;
- ankizy 35 amin'ny 100 no tsy nahavita ny ambaratonga voalohany ny taom-pianarana 2009/2010.

Anisan'ny fepetra ilaina ho an'ny fahasalaman'ny mponina ny tohitelo Rano-Fanadiovana-Fidiovana. Tsapa anefa fa tsy mifanandrify loatra amin'izany ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Ho fanatanterahana ny paikadin'ny Diorano-WASH sy hahafahana mandrafitra ireo sahanasa eo anivon'ny sekoly dia natomboka tamin'ny fomba ofisialy, ny taona 2003 ny fivoizana ny "Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH" (SSW).

Tsy voarindra anefa ny fanatanterahana ireny sahanasan'ny SSW ireny, izay heverin'ny mpampianatra ho fampitomboana ny asa fanaony andavanandro.

Izany dia noho ny hamaroan'ny mpiaramiombonantoka amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena, izay samy manana ny fomba fiasany na ny faritra iasany avy.

Ity boky Torolalana ity dia natao hanampy ireo mpikatroka eo anivon'ny Fanabeazam-Pirenena isan'ambaratonga rehetra mba hahazoana mandrindra ny sahanasa atao ao an-tsekoly :

- hahafantarany ny anjara asany sy ny andraikiny rehefa mametraka ny SSW amin'ny ambaratonga isanisany;
- hahalalan'ireo mpiaramiombonantoka rehetra ny mombamomba ny SSW;
- hampiroboroboana ny fiarahan'ireo mpiaramiombonantoka sy hanasongadinana ny zava-misy eo an-toerana;
- hanamorana ny fampandehanana ny SSW;
- hamokarana fitaovana mifanaraka amin'ny RFF nekena hanan-kery ara-dalàna ahafahana mivoy ny foto-kevitry ny SSW.

Apetraka amin'ny fahavononan'ny tsirairay ny fampiasana ity Torolalana ity mba hahitam-pahombiazana.

FIZAHAN-TAKELAKA

SASINTENY 03

1. INONA NO ATAO HOE SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH ? 05

2. INONA NO ANDRASANA AMIN'NY SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH ? 06

2.1. Tanjona ankapobeny 06

2.2 Tanjona manokana 06

2.3 Paikady 06

2.4 Vokatra andrasana 06

3. INONA AVY IREO MASONTSIVANA HAHATONGA NY SEKOLY HO SAKAIZAN'NY Diorano-WASH ? 07

3.1 Fepetra ho an'ny mpikatroka 07

3.2 Fepetra ho an'ny fotodrafitrasa 09

4. INONA AVY IREO SOKAJIN-TSEKOLY SAKAIZAN'NY DIORANO- WASH 10

4.1 SSW sokajy I 10

4.2 SSW sokajy II 10

5. INONA AVY IREO FEPETRA FOTOTRA AMIN'NY FANANGANANA SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH ? 11

5.1. Ny fampitam-baovao/ fanentanana 11

5.2. Ny fanofanana 11

5.3 Ny fampandraisana anjara ny vondron'olona ifotony 12

6. AHOANA NO HANATANTERAHANA NY DRAFITRASA 13

6.1. Fisantarana ireo sahanasa 13

6.2. Sahanasa hotanterahina 13

6.3. Ireo mpikatroka sy ny anjara asany 15

TOVANA .....

1. INONA NO ATAO HOE SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH?

Mamolavola ho olompirenena vanona rahatrizay ny sekoly. Tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana maharitra ny firenena amin'ny alalan'ny fanomezam-pahalalana sy ny fahaiza-manao izy.

Ny Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH dia miantoka ny fampiharana ireto Hafatra Fototra Telon'ny Diorano-WASH ireto :

- ny fanasana tanana amin'ny savony ;
- ny fampiasana lavapiringa ara-pahasalamana sy manara-penitra ;
- ny fitandrovana ny fahadiovan'ny rano mandra-pampiasa azy.



Ireto no mamaritra ny SSW :

- ny fisian'ny fotodrafitrasa mikasika ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana sy famatsiandrano fisotro manara-penitra ;
- ny fampandraisana andraikitra ny Komitin-tSekoly Diorano-WASH (KSW) ;
- ny fampiharana ny sahanasa miompana amin'ny Rano sy Fanadiovana ary Fidiovana manomboka ao an-dakilasy, eo anivo sy ivelan'ny sekoly.

Ho famintinana izany, ny SSW dia tsy hoe toeram-panovozam-pahalalana sy fahaiza-manao momba ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana fotsiny ihany fa toeram-panehoana sy fanapariahana ireo Hafatra Fototra Telo koa.

2. INONA NO ANDRASANA AMIN'NY "SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH"?

Miankina amin'ny paikady izay manova ny sekoly ho toeram-panovozan-kevitra ho an'ny fanabeazana ara-pahasalamana ny fahatrarana ny tanjon'ny SSW izay mandray anjara amin'ireto :

- ny fampihenana ny aretina azo avy amin'ny rano maloto sy ny tsy fitandremana ny fahadiovana ;
- ny fampihenana ny fandaniana amin'ny fitsaboana ny aretina azo avy amin'ny rano maloto ;
- ny fanatsarana ny fahombiazan'ny vokatra an-tsekoly ;
- ny fitantanana ny fako ao an-tsekoly.

2.1. Tanjona ankapobeny

Mikendry ny fiovan'ny toetra amam-pihetsika ho tomponandraikitra manoloana ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana ny Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH.

2.2. Tanjona manokana

- Mampandray andraikitra feno ireo mpikatroka ifotony amin'ny fametrahana sy fanatontosana ny SSW ;
- Miantoka ny fametrahana fotodrafitrasa mifanentana amin'ny sekoly ;
- Mampivoatra ny fampiharana ny fomba fanao mahomby azo amin'ny alalan'ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana eo anivon'ny sekoly sy ny fiarahamonina.

2.3. Paikady

Araka ireo tanjona ireo dia faritana toy izao ny paikadin'ny Diorano-WASH amin'izany :

- ny fanamafisana ny Serasera ho Fanovana ny Toetra amam-pihetsika (SFT) dia manampy amin'ny fametrahana sy fanatontosana ny RFF ;
- ny fampiroboroboana ny fifandraisana amin'ny mpiaramiombonantoka sy ny haiforona amin'ny fitrandrahana sy fanomezan-danja ny akora eo an-toerana no miantoka ny fametrahana ny fotodrafitrasa RFF eo anivon'ny sekoly ;
- ny sekoly dia ivon-toerana andraisana sy anapariahana ny toetra amam-pihetsika ara-pahasalamana ;
- ny fampiarahana ireo fomba fijery samihafa dia miantoka ny fampidirana avy hatrany ny foto-kevitry ny RFF.

2.4. Vokatra andrasana

- Mpikatroka ifotony mandray anjara feno amin'ny hetsika rehetra ny SSW ;
- Fiovana mahomby eo amin'ny fomba fanao ara-pidiovana tarafina amin'ny :
  - fananan'ny mpianatra fitondran-tena tomponandraikitra eo amin'ny sehatry ny RFF ;
  - fampiharana ny hafatra sy hetsika fototry ny Diorano-WASH eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny "Pitson'Asa Fanao tena Ilaina" (PAFI) ;
- Sekoly manana fotodrafitrasa manara-penitra momba ny RFF ;
- Fampiasan'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ny fiarahamonina ny fotodrafitrasa.

3. INONA AVY IREO MASONTSIVANA HAHATONGA NY SEKOLY HO SAKAIZAN'NY Diorano-WASH?

Mba hahatongavana ho SSW dia takina ireto masontsivana iaingana manaraka ireto :

- fampahafantarana sy fanofanana mikasika ny RFF ;
- fijoroan'ny Komitin-tSekoly Diorano-WASH (KSW) ;
- fisian'ireo singa takin'ny RFF ;
- fampiharana ireo Hafatra Fototra Telo.

3.1. Inona no andrasana amin'ireo mpikatroka ?

3.1.1 Finiavana hampandroso ny fanabeazana momba ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana

- Fampahafantarana ny fokonolona mikasika ny hetsika Diorano-WASH sy ireo Hafatra Fototra Telo ;
- Fanofanana ireo tompon'andraiki-pampianarana mikasika ny fandetehana ny lohahevitra RFF ao anatin'ny fandaharam-pianarana. Ireo mpampiofana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena no misanana izany ;
- Fanofanana ireo mpampianatra ataon'ireo tompon'andraiki-pampianarana isan'ambaratonga ;
- Fitrandrahana ireo lohahevitra mivoy ny Rano-Fanadiovana-Fidiovana ao anatin'ny fandaharam-pianarana ;
- Fampianarana sy fanapariahana ireo Hafatra Fototra Telo amin'ny alalan'ny famoronana sahanasa toy ny peta-drindrina, sary, lalao, sary miaina tontosain'ny mponina eo ambany fiahian'ny Komitin-tSekoly Diorano-WASH ;
- Fampandraisana anjara ny mpianatra amin'ny alalan'ny sahanasa rehetra voalamina.

3.1.2 Finiavana hametraka ny Komitin-tSekoly Diorano-WASH

Ny KSW dia rafitra mpanohana miasa lalandava eo anivon'ny Sekoly.

Amin'ny mahampanatanteraka ny fampandehanana sy ny fanaraha-maso ireo sahanasa, dia ireto avy ireo andraikitry ny KSW :

- **Ny fitantanana ny fiainan'ny fikambanana :**
  - fanatanterahana ny fivoriana ara-potoana ;
  - fampandraisana anjara ny fokonolona momba ny hetsika Diorano-WASH amin'ny alalan'ny fanentanana sy fanetsiketsehana mandritra ny taom-pianarana ;
  - fiaraha-miasa amin'ireo KSW amin'ny sekoly hafa.

- **Ny fitantanana ara-tekinika sy ara-bola :**
  - fandrafetana ny drafitrasa ;
  - fanapariahana ny fampiharana ireo Hafatra Fototra Diorano-WASH eo anivon'ny fiarahamonina ;
  - fanohanana ny sekoly amin'ny fanomezana fotodrafitrasa manara-penitra ;
  - fanofanana ireo tekinisiana eo an-toerana hiandraikitra ny fikojakojana sy ny fikajiana ny fotodrafitrasa ;
  - fitantanana ara-bola mba hahafahana manamboatra sy mikojakoja ary mividy ireo fitaovana ilaina ;
  - fanaraha-maso ny fanatanterahana ny sahanasa.

3.2 Inona avy ireo fotodrafitrasa hapetraka ?

Ny fanorenana sekoly dia tokony hanaraka ny fenitra tekinika ary tsy maintsy mihevitra ireo fotodrafitrasa tsy afa-misaraka aminy toy ny : lavapiringa misy toerana famaniana ary misaraka ny an'ny lahy sy ny an'ny vavy, toerana fanasana tanana, famatsian-drano ary lavapako.

Ny fenitra tekinikan'ny trano sekoly dia tokony mifanaraka amin'ny fenitra pedagojika eo amin'ny isan'ny mpianatra :

- 50 isaky ny efitrano fara-fahabetsany,
- 50 isaky ny mpampianatra fara-fahabetsany,
- 50 isaky ny andiany fara-fahabetsany,
- ny refin'ny efitrano fianarana isanisany :
  - 72 m² (9m x 8m) no velarana anaty tena manara-penitra,
  - 49 m² (7m x 7m) no velarana anaty azo leferina.
- ny velaran'ny tahalan'ny sekoly :
  - 2000 m² ny tokontany fakan-drivotra,
  - 1000 m² ny kianja fanaovana fanatanjahan-tena,
  - 1000 m² ny velaran-tany hamokarana.

3.2.1. Lavapiringa

- Ao anatin'ny faritry ny sekoly ;
- Ampy isa araka ny filan'ny mpianatra rehetra ;
- Efitra misaraka ho an'ny lahy sy ny vavy ;
- Rindrina sy tafo mateza ;
- Misy fivoahan'ny rivotra ;
- Lavaka misarona ;
- Toeram-pamaniana tsy tatera-drano azo sasana sy voadio mandrakariva ;
- Gorodona tsy tatera-drano sy voadio ;
- Varavarana misy hidiny avy ao anatiny ;
- Misy taratasy fifirana / rano isasana sy fitoeran-taratasy avy nampiasaina ;
- Misy ny fitaovana fanadiovana rehetra ilaina (kifafa, fandraofam-pako,...).

3.2.2. Toerana fanasana tanana

- Eo akaikin' ny lavapiringa ;
- Misy fitoeran-tsavony sy savony.



3.2.3. Toera-pamatsian-drano

- Madio sy voaaro ny manodidina ;
- Rano fisotro azo antoka sy ampy ho an'ny filan'ny sekoly ;
- Rano voadio sy voatahiry anaty goro madio.

3.2.4. Lavapako

- Mihataka ny trano sekoly ary amin'ny toerana tsy dia talaky maso ;
- Lavaka roa samy hafa ary voafefy : ny iray hanariana ny fako mety levona ary ny iray hanariana ny fako tsy mety levona.

4. INONA AVY IREO SOKAJIN-TSEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH?

Antsoina hoe "Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH" ny sekoly nahafeno ny fepetra notakina. Ahitana sokajy roa araka ny fari-pahombiazany ny SSW. Ny tombana nataon'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana (VIP) sy ny Sampandraharaham-Panjakana ho amin'ny Fampandrosoana (SPF) ary ny Komitim-paritry ny Diorano-WASH izay tarihin'ny tompon'andraikitra ny fampianarana isan'ambaratonga no mamaritra ny fisokajiana ny sekoly.

4.1. Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH sokajy I (SSW I)

Ireo sekoly nahatanteraka ireto asa manaraka ireto no atao hoe SSW I :

- fitrandrahana ireo lohahevitra mifandraika amin'ny hetsika Diorano-WASH voalaza ao anatin'ny fandaharam-pianarana ;
- fisian'ireo fitaovam-pampianarana mikasika ny Hafatra Fototra Telo ;
- fisian'ny lavapiringa sy ny kojakojam-pitaovana fanasan-tanana ;
- fisian'ny toerana fanasana tanana sy fitoeran-tsavony ;
- fisian'ny famatsian-drano ;
- fisian'ny lavapako ;
- mpampianatra sy KSW voahofana momba ny hetsika Diorano-WASH.

4.2. Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH sokajy II (SSW II)

Ny SSW II dia ireo sekoly nanatsara ny asa na nahavita asa mihoatra ny vitan'ireo SSW I, izany hoe :

- misy fotodrafitrasa manara-penitra (lavapiringa, famaniana, fanasana tanana, lavapako) ;
- misy rano fisotro azo antoka (na rano voadio) ampy ho an'ny filan'ny sekoly ;
- mampihatra ireo toetra amam-pihetsika tsara momba ny RFF ireo mpandray anjara rehetra ao an-tsekoly : ny mpampianatra, ny mpianatra, ny FRAM ary ny KSW ;
- manao asam-panentanana eny anivon'ny fiarahamonina.

5. INONA AVY IREO FEPETRA FOTOTRA AMIN'NY FANANGANANA SEKOLY SAKAIZAN'NY Diorano-WASH ?

Ankoatra ny fotodrafitrasa manara-penitra, dia ilaina ihany koa ny fampitam-baovao/ fanentanana, ny fanofanana ary koa ny fampandraisana anjara ny VOI ho fametrahana ny SSW mahomby.

5.1. Ny fampitam-baovao / fanentanana

Ny fampitam-baovao/ fanentanana ny mpiara-monina an-tsekoly momba ny hetsika Diorano-WASH no mahatonga ireo mpikambana :

- hisaintsaina ny zava-misy eo an-toerana momba ny RFF ;
- hahatsapa ny fahasorisorenana sy fikorontanana ateraky ny tontolo iainana maloto sy ny fahazaran-dratsy momba ny RFF ;
- handray andraikitra amin'ny fanatsarana ny sehatra misy azy.

Ny sahanasa dia mifototra amin'ny fivoizana tsy an-kiato ireo Hafatra Fototra Telo amin'ireo fitaovana momba ny hetsi-panentanana misy ao an-tsekoly (ohatra: afisy, valonan-taratasy,...).

Hahomby kokoa sady hanana akony lehibe ny sahanasa raha tanteraka eo anivon'ny fivoriamben'ny FRAM sy/ na FAF izany.

5.2 . Ny votoatin'ny fiofanana

Hifantoka amin'ireo tompon'andraikitra ara-pedagojika, ireo mpampianatra sy ireo mpianatra ary ny KSW ny fanofanana. Izany dia mba hanamafisana ireo fahalalany mifandraika amin'ny RFF etsy andaniny sy hanatsarana ny fiasany etsy ankilany.

Ny fanofanana ny tompon'andraikitra ara-pedagojika dia haompana amin'ny tekinikan'ny tantsoroka izay mampiray ny fomba fijery ampiharina amin'ny Hetsika Diorano-WASH sy ny fomba enti-mampianatra izay novolavolain'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena.

Ny fanofanana ny mpampianatra dia ny fanamafisana ny fahafahana mitily sy mitrandraka ireo lohatenin-desona, ao amin'ny fandaharam-pianarana, mifandraika amin'ny Hafatra Fototra Telon'ny Diorano-WASH.

Ny an'ny mpianatra kosa dia amin'ny alalan'ny lesona mifandraika amin'ny Hafatra Fototra Telo ny fanabeazana. Avy amin'ny fahalalana norantoviny tao an-dakilasy sy ny fampiharana izany any ivelan'ny lakilasy no ahazoan'izy ireo miandalana fiovan-toetra amam-pihetsika tomponandraikitra eo amin'ny RFF.

Ny fanofanana ny KSW, izay tanterahina miaraka amin'ireo mpiaramiombonantoka, dia miompana amin'ny fikojakojana sy fikarakarana ireo fotodrafitrasa.



5.3. Ny fanetsiketsehana ny Vondron'Olona Ifotony (VOI)

Ny fisongadinan'ny asan'ny KSW sy ny fisian'ny fifanekem-piaraha-miasan'ireo mpandray anjara samihafa dia mampiseho ny fahavononan'ny fiarahamonina hanatanteraka ireo sahanasa voarindra.

Ny fisian'ny KSW izay ivondronan'ny sokajin'olona voafidy nandritra ny fivoariambe dia midika ho fankatoavan'ny rehetra ny Hetsika Diorano-WASH.

Tanteraka ny fankatoavana rehefa mandray anjara an-tsitrapo amin'ireo sahanasa ao anaty drafitrasa nifanarahana ny fokonolona izay tarihin'ny KSW.

6. AHOANA NO HANATONTOSANA NY DRAFITRASA ?

6.1. Fanombohana ireo sahanasa

Andraikitry ny KSW ny fanatanterahana ny drafitrasan'ny SSW I na SSW II.

Eo am-piandohana dia manadihady ny mombamomba ny fotodrafitrasa sy ny fampiharana momba ny RFF eo anivon'ny sekoly ny KSW.

Hofakafakaina eo anivon'ny fivoriambe ny valin'ny fanadihadiana natao. Ny vokatra azo no mamaritra ny fandaharanasa hotanterahina araka ny laharam-pahamehana.

Ny drafitrasa voatetibidy voasoratra eo amin'ny tetikasan-tsekoly no milaza ny sahanasa hotanterahina. Ary mba hahazoana ny famatsiana ara-bola ilaina dia atao mafonja ny fandresen-dahatra eo anoloan'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny (mpiaramiombonantoka ara-tekinika sy ara-bola, manampahefana eo an-toerana, ...).

6.2. Sahanasa hotanterahina

6.2.1. • Fananganana ireo fotodrafitrasa

Ny sahanasa tsara hirosoana voalohany dia ny fanatsarana sy/ na fanorenana ireo fotodrafitrasa toy ny lavapiringa ho an'ny lahy sy ho an'ny vavy, ny famatsian-drano sy ny fanasan-tanana. Raha tsy azo tanterahina ny fanorenana manara-penitra dia tokony hisy fomba mahomby hanatanterahana ireo Pitson'Asa Fanao tena Ilaina (PAFI).

6.2.2. • Fiofanana

Misy fotoana anaovana fampitam-baovao sy fampiofanana harindran'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena miaraka amin'ireo mpiaramiombonantoka mba :

- hanamafisana ny fahaizamanaon'ny mpampiofona isan'ambaratonga eo amin'ny sehatry ny fanabeazana (DREN, CISCO, ZAP) ;
- hanamafisana ny fahaizamanaon'ny mpampianatra sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra amin'ny fanatontosana ny Hetsika Diorano-WASH ;
- hanohanana ireo mpikambana ao amin'ny KSW amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa RFF ;
- hanentanana ny mpiara-monina.

Zava-dehibe ny fahaizana manararaotra izay fotoana rehetra ahafahana mampandray anjara mavitrika ny mpianatra eo amin'ny fandrafetana ny fandaharanasa ho fiarahamientana araka ny paikady Diorano-WASH.

6.2.3. • Fanarahamaso

Mba hampahomby sy hampaharitra ny Hetsika Diorano-WASH dia iantohan'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga ny fanarahamaso ny :

- fampiharana ny fiofanana nomena ;
- fampiasana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa.

6.2.4. • Tombana

Mba hahafahana mandrefy ny dingam-pivoaran'ny sekoly mialoha ny hankatoavana azy ho SSW dia ilaina ny fanaovana tombana iombonan'ny rehetra. Voasolo tena ao anatin'ny Komity manao io tombana io ny :

- Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena (DREN, CISCO, ZAP) ;
- Minisiteran'ny Fahasalamana (DRS, SSD, CSB) ;
- Minisiteran'ny Rano (DRE) ;
- Komity Diorano-WASH (Faritra, Distrika, Kaominina) ;
- Kaominina (amin'ny mahatompon'ny asa azy) ;
- Fokontany ;
- Mpiaramiombonantoka (ONG, Fikambanana, ...).

6.2.5. • Fanomezana taratasy fanamarinana ara-panjakana

Ireo Komity Diorano-WASH eo anivon'ny Fokontany, Kaominina, Distrika ary Faritra no manome ny taratasy fanamarinana ny maha-Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH sokajy I na sokajy II.

6.3 Ny mpandray anjara sy ny anjara asany

Mpandray anjara	Anjara asa
Ny tomponandraikitry ny Fanabeazana any amin'ny sekoly miankina amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina isan'ambaratonga	>> Eo anivon'ny DREN : • fanatsofohana ny sahanasan'ny Hetsika Diorano-WASH ao anatin'ny Fandaharanasa mandritra ny taona ; • fandrindrana sy fanarahamaso ny sahanasa vita mifandraika amin'ny Diorano-WASH eo anivon'ny Faritra ; • fandresen-dahatra sy fitadiavana mpiaramiombonantoka. >> Eo anivon'ny CISCO : • fanatsofohana ny sahanasan'ny Hetsika Diorano-WASH ao anatin'ny Fandaharanasa mandritra ny Taona ; • tantsoroka ho an'ireo mpandray anjara eo anivon'ny Distrika sy ny Kaominina ; • fanarahamaso ireo sahanasa vita mifandraika amin'ny Diorano-WASH eo anivon'ny Distrika ; • fanohanana ara-tekinika sy ara-pedagojika ; • fandresen-dahatra sy fitadiavana mpiaramiombonantoka. >> Eo anivon'ny ZAP : • tompon'andraikitry ny fiofanana sy ny fanatanterahana ireo sahanasa mifandraika amin'ny Diorano-WASH ; • fanohanana ara-pedagojika sy fanarahamaso. >> Eo anivon'ny Sekoly : • fampiharana ireo Hafatra Fototra Telon'ny Diorano-WASH ; • tompon'andraikitry ny fitantanana sy ny fikojakojana ary ny fikarakarana ireo fotodrafitrasa ; • fanapariahana ny fahalalana azo mankany amin'ny fiarahamonina.

Mpandray anjara	Anjara asa
Ireo manampahefana isan'ambaratonga (Faritra, Distrika, Kaominina, Fokontany)	>> Fanentanana: • fanatsofohana ny sehatrasa RFF ao anatin'ireo drafitrasam-pampandrosoana (PRD, PCD, PVD,...); • fanohanana ara-tekinika sy ara-bola; • fandresen-dahatra sy fitadiavana mpiaramiombonantoka; • fanarahamaso sy fanaovana tombana.
Ny tomponandraikitry ny sampandra-haraha isam-paritra	• fanohanana ara-tekinika; • fanarahamaso sy fanaovana tombana.
Ny vondrona samihafa any anivon'ny vondrom-bahoaka ifotony (fokonolona, mpandraharaha any anivon'ny kaominina), ireo mpiton-dra fivavahana sy ireo olobe/ sojabe	• fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana-ny hetsika Diorano-WASH; • fandraisana anjara amin'ny famolavolana ny drafitrasa sy ny fandaminana ny sahanasa; • fanetsiketsehana sy fanentanana; • asa fikojakojana sy fikajiana ary fiambenana.
FAF sy FRAM	>> Fanentanana: • fandraisana anjara mavitrika amin'ny famolavolana laminasa sy fanatanterahana ny sahanasa; • fandraisana anjara amin'ny fitantanana ny fotodrafitrasa sy ny fanatsarana ny faritry ny sekoly; • fanarahamaso sy fanaovana tombana; • tompon'andraikitry ny fampiharana ny Hafatra Fototra Telon'ny Diorano-WASH eny anivon'ny fianakaviana; • asa fikojakojana sy fikajiana; • fitadiavana mpiaramiombonantoka.
Ny mpianatra	• fampiharana ny Hafatra Fototra Telon'ny Diorano-WASH; • tompon'andraikitry ny fahadiovana sy ireo fikojakojana madinika mahakasika ireo fotodrafitrasa; • fampiasana sy fikojakojana ireo fitaovana; • fanabeazana olon-tsahala, (ohatra: fomba fijery Ankizy ho an'ny Ankizy).
Tekinika sy ara-bola	• fanohanana ara-tekinika sy ara-bola ary ara-pitaovana; • fanarahamaso sy fanombanana ny sahanasa.
Ireo mpandray anjara hafa	• fanohanana amin'ny endriny isan-karazany.

TOVANA

Tovana 1 • Fifanekem-piaraha-miasa

Tovana 2 • Fafana jerisava

Tovana 3 • Fafana fankatoavana

Tovana 4 • Ireo sahanasa mifandraika amin'ny Pitson'Asa Fanao tena Ilaina

Tovana 5 • Torolalana mikasika ireo PAFI

Tovana 6 • Lesona ohatra mikasika ny lohahevitra Diorano-WASH ho an'ny kilasy isan'ambaratonga

Tovana 7 • Drafitra/planina arahina amin'ny fanorenana lavapiringa

Fanafohezan-teny

WASH	Water, Sanitation, Hygiène
RFF	Rano-Fanadiovana-Fidiovana
SSW	Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH
PAFI	Pitson'Asa Fanao tena Ilaina
HFS	Hafatra ampitaina-Fanabeazana- Serasera
SFT	Serasera ho Fanovana ny Toetra amam-pihetsika
HF3	Hafatra Fototra Telo
KSW	Komitin-tSekoly Diorano-WASH
FAF	Fiarahamiombonantoka ho an'ny Fampandrosoana
FRAM	Fikambanan'ny Ray aman-dRenin'ny Mpianatra
VIP	Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana
SPF	Sampan-draharaham-Panjakana ho amin'ny Fampandrosoana
VOI	Vondron'Olona Ifotony

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

DREN :.....

CISCO :.....

ZAP :.....

SEKOLY :.....

FIFANEKEM-PIANTOHANA

TANJONA HANATSARANA NY FAHOMBIAZAN'NY SEKOLY

FAMPIDIRANA NY ANKIZY REHETRA AN-TSEKOLY

Isan'ny ankizy tafiditra an-tsekoly :.....

FAHAVITANA NY DINGANA AMBARATONGA VOALOHANY

Isan'ny nitsoaka an-daharana :.....

FANATSARANA NY KALITAON'NY FANABEAZANA

Isan'ny namerin-toana :.....

Isan'ny tsy tonga nianatra (noho ny RFF tsy lavorary) :.....

Mba hanatrarana ireo tanjona voalaza ireo, dia ilaina ny fiaraha-miasan'ny rehetra (ambaratongam-pahefana ifotony, tekinisiana isan-tsokajiny, olobe, mpiaramiombonantoka hafa, mpampianatra, ny FRAM sy ny FAF,...).

Araka izany dia manaiky izahay hanatratra ireto tanjona manokana manaraka ireto mba hahatonga ny sekolinay ho "Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH" :

- Tanjona 1 :.....
- Tanjona 2 :.....
- Tanjona 3 :.....

Ka izahay rehetra izay manao sonia eto ambany dia manaiky an-tsitrapo fa hanatanteraka ireo sahanasa nifanarahana mifandraika amin'ireo, ho fampandrosoana ny fiarahamonina eto aminay sy hanatrarana ireo tanjon'ny Sekoly Sakaizan'ny Diorano-WASH.

Natao teto .....anio.....20.....

Ny Prezidan'ny FAF | Ny Prezidan'ny FRAM | Ny Ben'ny tanàna | Ny Talen-tsekoly

FAFANA JERISAVA

DRAFITRA SY FAMPANDEHANANA	Fisiana (eny/tsia)	Fotoana iasana		
		Voafetra	Miverimberina	Maharitra
KSW				
Drafitrasa				
Fanentanana				
Fiofanana				

FOTODRAFITRASA	Fisiana (eny/tsia)	Fomba nahazoana azy			Fampiasana azy		Fanaraham-penitra	
		Fanome-zana	Fiaraha-miombon' antoka	Hetsiky ny avy eo an-toerana	Tsy voa-karakara	Voa-karakara	Kalitao	Hama-roany
• Lavapiringa								
• Toeram-pamaniana								
• Famatsian-drano								
• Kojakoja fanasan-tanana								

FAMPIHARANA		
Ao an-tsekoly	Ao an-dakilasy	Sahanasa any ivelany
Fitrandrahana lohahevitra		

Ivelan'ny sekoly	Fianakaviana	Fiarahamonina
Fanasana tanana amin'ny savony		
Fampiasana tokoa ny lavapiringa ara-pahasalamana		
Fiantohana ny fahadiovan'ny rano avy any amin'ny famatsian-drano, hatrany amin'ny fampiasana azy		

TONTOLON' NY SEKOLY	Fahadiovana ankapobeny	Fahadiovan' ny mpianatra	Fitaovam-panentanana	Lavapako	Zaridaina	Fefy sy takelaka
Ivelany						
Anatiny						

FAFANA FANOMBANANA NY SEKOLY SSW - FAFANA FANKATOAVANA

FAFANA FANOMBANANA

DRAFITRA SY FAMPANDEHANANA (.../isa 16)	Fisiany (eny /tsia)	Fotoana lasana		
		Voafetra	Miverimberina	Maharitra
KSW	1	1	2	3
Rafitra	1	1	2	3
Fanentanana	1	1	2	3
Fiofanana	1	1	2	3

FOTODRAFITRASA (.../isa 40)	Fisiana (eny/tsia)	Fomba nahazoana azy			Fampiasana azy		Fanaraham-penitra	
		Fanome-zana	Fiaraha-miombon' antoka	Hetsika ny avy eo an-toerana	Tsy voakara-kara	Voakara-kara	Kalitao	Hama-roany
Lavapiringa	1	1	2	3	1	2	2	2
Toeram-pamaniana	1	1	2	3	1	2	2	2
Famatsian-drano	1	1	2	3	1	2	2	2
Kojakoja fanasan-tanana	1	1	2	3	1	2	2	2

FAMPIHARANA		
AN-TSEKOLY (.../isa 7)	Ao an-dakilasy	Sahanasa any ivelan'ny kilasy
Trandrahina ny lohahevitra	3	4

IVELAN'NY SEKOLY(.../isa 21)	Fianakaviana	Fiarahamonina
Fanasana tanana amin'ny savony na lavenona	3	4
Fampiasana tokoa ny lavapiringa ara-pahasalamana	3	4
Fiantohana ny fahadiovan'ny rano avy any amin'ny famatsiandrano, hatrany amin'ny fampiasana azy	3	4

TONTOLON'NY SEKOLY (.../isa 16)	Fahadiovana ankapobeny	Fahadiovan' ny mpianatra	Fitaovam-panentanana	Lavapako	Zaridaina	Fefy sy takelaka
Ivelany	2	2	3	3	2	2
Anatiny	2					

FAFANA FANKATOAVANA

SOKAJIM-PAHOMBIAZANA	ISA
SSW 1	50 hatramin'ny 75
SSW 2	mihoatra ny 75

IREO SAHANASA MIFANDRAIKA AMIN'NY PITSON'ASA FANAO TENA ILAINA (PAFI)

Sehatra iasana	Lohahevitra	Sahanasa
RANO FISOTRO	Fampiasana rano madio	Fampangotrahana ny rano
		Fikarakarana ny rano
		Fitahirizana ny rano
		Fampianarana ao an-dakilasy
FANADIOVANA	Fampiasana ny fotodrafitrasa	Fanentanana sy fampiasana lavapiringa
		Fikajiana ny lavapiringa sy ny toeram-pamaniana
FIDIOVANA	Fanasana tanana amin'ny savony na lavenona	Fanamboarana tippy tap
		Fanofanana momba ny fampiasana fitaovana fanasana tanana
TONTOLON'NY SEKOLY	Fitantanana ny fako	Fanaovana lavapako
		Fanadiovana ny lakilasy sy ny manodidina
		Fanodinana ny fako ho lasa zezika hamokarana

TOROLALANA MIKASIKA IREO PITSON'ASA FANAO TENA ILAINA (PAFI)

1.RANO

1.1. Fampangotrahana rano sy fitahirizana azy

- Ampangotrahy ao anaty vilany madio ny rano ;
- Esory eo ampatana raha vao mangotratokana ny rano ary azo ampiasaina avy hatrany ;
- Kajio ao anaty fitahirizan-drano misarona tsara ny rano avy nampangotrahana ;
- Tovozy amin'ny fitaovana madio (sotrobe na zinga misy tahony) rehefa hampiasa azy mba hisorohana ny loto entin'ny tanana.



1.2. Fanadiovana rano amin'ny alalan'ny Sûr' Eau

- Hamarino eo amin'ny taratasin'ny tavoahangy ny daty farany azo ampiasana ny Sûr'Eau ;
- Araho ireo toromarika fampiasana azy
- Tovozy amin'ny fitaovana madio (sotrobe na zinga misy tahony) rehefa hampiasa azy hisorohana ny loto entin'ny tanana.

1.3. Fanadiovana rano amin'ny alalan'ny tekinika SODIS (Solar Water Disinfection)

- Tavoahangy misy soratra PET (Polyéthylène téréphtalate) ihany no azo ampiasaina ary tsy mihoatra ny 2 litatra ny hadiriny ;
- Tsy azo ampiasaina ny tavoahangy miloko na efa misy kiaka na efa vasoka ;
- Esory ny taratasy mipetaka amin'ny tavoahangy ary diovy tsara amin'ny rano sy savony;
- Fenoy rano ny ¾ ny tavoahangy ary ahontsano tsara ;
- Fenoy rano tanteraka ny tavoahangy ary aza avela hisy rivotra ao anatiny ;
- Apetraho mihorirana amin'ny toerana ambony sy talaky masoandro (ohatra : tafo) ny tavoahangy ary avelao ho tanehin'ny masoandro mandritra ny ora 6 raha tsara ny andro ary ora 10 raha toa ka manjombona



2. FANADIOVANA

2.1. LAVAPIRINGA

2.1.1. Fampiasana lavapiringa

- Mampiasà lavapiringa foana isaky ny hangery na hamany.

2.1.2. Fanamboarana lavapiringa

- Manangàna lavapiringa misy gorodona tsy tatera-drano ;
- Mampiasà akora hita eo an-toerana toy ny hazo, falafa, satrana, gony pilasitika hanamboarana ny rindrina sy ny tafo ;
- Asio sarony misy tahony ny lavaky ny lavapiringa rehefa tsy ampiasaina mba tsy hivoahan'ny fofona.



2.1.3. Fanadiovana ny lavapiringa

- Diovy indray mandeha isan'andro farafahakeliny ny lavapiringa ary ampirimo ao anatiny ny kifafa fanadiovana azy avy eo ;
- Raraho vovoka arina ao anaty lavaka hisorohana ny fofona ;
- Asio fitaovana fasiana azy, ireo taratasy avy nifirana.

2.2. LAVAPAKO

2.2.1. Fampiasana lavapako

- Mampiasà lavaka hanariana ny fako.

2.2.2. Fanamboarana lavapako

- Mihadia lavaka mihataka ny trano sekoly ;
- Ataovy lavaka roa voafefy : ny iray anariana ny fako mety levona, ny iray anariana ny fako tsy mety levona.

3. FIDIOVANA

3.1. Fanasana tanana

- Mampiasà savony na lavenona rehefa hanasa tanana.

3.2. Ireo dingana 6 ny fanasana tanana amin'ny savony na lavenona



- Lemo rano ny tanana ;
- Hosory savony na lavenona ;
- Koseho mandritra ny 10 ka hatramin'ny 15 segondra ;
- Koseho tsara ny faritra rehetra amin'ny tanana, izany hoe felan-tanana, vohon-tanana ; elakelan-drantsana ary indrindra ny ati-hoho sy ny manodidina azy ;
- Kobano tsara ny tanana ;
- Avelao hohamainin'ny rivotra.

3.3. Fitaovana fanasana tanana

- Atao mifanakaiky amin'ny lavapiringa ny toerana sy ny kojakoja fanasana tanana (rano, savony, lavenona) ;
- Ampiasao ny tippy tap raha toa ka tsy misy ny fotodrafitrasa natokana ho an'ny fanasana tanana.

3.4. Fomba fanamboarana tippy tap :

- Mampiasà tavoahangy pilasitika ;
- Asio lavaka iray eo amin'ny vozon'ny tavoahangy ary roa na telo eo amin'ny sarony ;
- Akambano amin'ny tady mirefy 50sm ny vozony sy ny vodin'ny tavoahangy ;
- Sasao amin'ny rano sy savony ny tavoahangy ary fenoy rano madio avy eo ;
- Ahantony amin'ny tsivalan-kazo misy andry, eo amin'ny toerana talaky maso sy akaikin'ny lavapiringa ;
- Kendreo mba hanondro lanitra ny lohan'ny tavoahangy ;
- Manomàna kojakojam-pitaovana anangonana ny rano avy nampiasaina na manaova lakandrano ivarinany.

Ny rano tsy misy savony dia azo anasana lavapiringa na anondrahana zaridaina.

Lesona ohatra omena mikasika ny lohahevitra Diorano-WASH ho an'ny kilasy isan'ambaratonga

Ny fetin'i Nary

Mandinika aho

Tsingerin-taona nahaterahan'I Nary rahampitso.
Tia ranomboakazo izy.

Ndao isika hanamboatra ry Nary

1. Tia ranomboakazo koa ve ianao ?
2. Inona avy ny ranomboakazo ankafizinao ?
3. Inona avy ny fangaro ilaina hanamboarana ranomboakazo ?
4. Azo ampiasaina avy hatrany hanaovana ranomboakazo ve ny rano avy ao anaty vovo ?



Manao fanandramana aho

Ny zavatra ilaiko

5. Diniho ireto sary ireto dia ampio i Fara hisafidy ny rano hampiasainy hanaovana ranomboakazo

Omeo rano fisotro azafady !

6. Lasa nantsaka rano hanaovana ranomboakazo any am-bovo i Fara sy ny mpiara-mianatra aminy. Nony tonga tany izy ireo dia nifanontany raha rano fisotro io.

Adikao ao anaty kahienao ireo toetran'ny rano fisotro.

Ahoana no atao ?

Tsy azo antoka ny rano avy amin'ny vovo ao an-tanànan-dry Fara, ampio izy hanadio ny rano.

FENITRA SY FITSIPIKA

1. Lavapiringa

Ny lavapiringa tsara voatra dia maharitra sy mahomby amin'ny fisakanana ny fipariahan'ny valan'aretina sy ny fifindrany.

Ny toetoetran'ny lavapiringa manaraka ny fenitra sy ny fitsipika :

- mitafo sy mikatona amin'ny fanalahidy ;
- misy fantsona fivoahan'ny fofona avy ao amin'ny lavaka na/sy lalan-drivotra amin'ny varavarana na amin'ny rindrina ;
- misaraka ny efitry ny lavapiringa ho an'ny lahy sy ho an'ny vavy, toy izany koa ny toerana famaniana ;
- misy toerana fanasana tanana eo akaikin'ny lavapiringa.

1.1. Ny lavaka (fosse)

- 15 metatra miala ny fantsakana farafahakeliny no anaovana ny lavaka ;
- kajina farafahakeliny ho 2 metatra ambonin'ny rano ambanin'ny tany.

1.2. Ny gorodona

- gorodona tsy tatera-drano sy voadio (ohatra: velarana marin-tampona vita amin'ny vato sokay seseham-by na "béton", Sanplat (modely 60sm x 60sm, modely 120sm x 80sm, modely boribory manao an-dohalambo mirefy 150sm ny savaivony) ;
- misy fametrahan-tongotra.

1.3. Ny efitra

- iray ho an'ny mpianatra 50 ;
- mametraka fotodrafitrasa mifanaraka amin'ireo manana fahasembanana raha azo atao (famikiran-tanana, seza, ...).

1.4. Kojakoja ao anatiny isan'efitra

- kifafa ;
- goro sy zinga ;
- taratasy fifirana ;
- fitoeran-taratasy avy nampiasaina ;
- saron' ny lavaka.

1.5. Ny toerana famaniana

- gorodona tsy tatera-drano sy voadio ;
- misy fitoeran-tongotra ny toerana famanian'ny vavy ;
- misy lakan-drano ikorianan'ny amany sy ny ranomaloto.

2. Toerana fanasana tanana na/sy tippy tap :

- hidimpantsona/ tippy tap manakaiky ny lavapiringa;
- misy fitoeran-tsavony sy savony ;
- misy lakandrano ikorianan'ny rano maloto ;
- hidimpantsona iray ho an'ny mpianatra 80.

3. Famatsian-drano

- 30 metatra na mihoatra miala ny lavapiringa ;
- atao amin'ny toerana avo noho ny lavapiringa ;
- voaaro : mifefy, misarona, madio ny manodidina, misy lakandrano ikorianan'ny rano.

4. Lavapako

- Atao eny amin'ny toerana somary manalavitra ny trano sekoly ary tsy dia talaky maso ;
- Lavaka mizara roa ary voafefy: ny iray asiana ny fako mety levona ary ny iray asiana ny fako tsy mety levona.

FANAMARIHANA :

1 - Ampiasao ny akora misy eo an-toerana raha tsy misy ireo akora efa voahodina
Ohatra : Azo asolo ny fantsona famoahan-drivotra PVC ny volo na bararata

2 - Mba hampaharitra ny fampiasana ny lavapiringa :
- atao roa ny lavaka amin'ny gorodona
- ny iray aloha no ampiasaina ary ny faharoa kosa hidina ;
- rehefa feno io lavaka voalohany io dia hidina ary ampiasaina amin'izay ilay lavaka faharoa ;
- mandrapahafenon'ny lavaka faharoa dia mietry ny maloto amin'ny lavaka voalohany ka azo averina ampiasaina indray ;
- ary dia toy izay hatrany hatrany...